**PERIKOPA ALAHADY 01 Febroary 2026**
**(Péricope du Dimanche 01 Février 2026**

**Salamo / Psaume 146**
**Zefania / Sophonie 2.3 ; 3.12-13**
**1 Korintiana / 1 Corinthiens 1 : 26 - 31**
**Matio / Matthieu 5 : 1 – 12*a***

**« Sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ny fanjakan'ny lanitra…**
**Mifalia sy miravoravoa ianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; … »**
*« Ils sont heureux, ceux qui ont un cœur de pauvre, parce que le Royaume des cieux est à eux ! …*
*Soyez dans la joie, soyez heureux, parce que Dieu vous prépare une grande récompense ! … »*
**Matio / Matthieu 5.3 ; 5.12*a***

## SALAMO 146 (MRV)

1 Haleloia. Miderà NY TOMPO, ry fanahiko!
2 Hidera NY TOMPO aho raha mbola miaina koa; eny, hankalaza an'Andriamanitro aho raha mbola velona koa.
3 Aza matoky ny mpanapaka, na ny zanak'olombelona izay tsy mahavonjy.
4 Miala ny fofonainy ka miverina ho amin'ny tany izy ary amin'izay indrindra no hahafoanan'ny fikasany.
5 Sambatra izay manana an'Andriamanitr'i Jakoba ho Mpamonjy azy sady manantena NY TOMPO Andriamaniny
6 izay nanao ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra ao anatiny; izay mitandrina fahamarinana mandrakizay;
7 izay manome rariny ho an'ny ampahorina; izay manome hanina ho an'ny noana. NY TOMPO no mamaha ny mpifatotra;
8 NY TOMPO no mampahiratra ny jamba; NY TOMPO no mampitraka ny mitanondrika; NY TOMPO no tia ny marina;
9 NY TOMPO no miaro ny vahiny ary manohana ny kamboty sy ny mpitondratena fa mamadika ny lalan'ny ratsy fanahy kosa.
10 NY TOMPO no manjaka mandrakizay, ho an'ny taranaka fara aman-dimby ny Andriamanitrao ry Ziona.

## PSAUME 146 (PDV)

*1 Chantez la louange du Seigneur ! Je veux chanter la louange du Seigneur !*
*2 Toute ma vie, je veux chanter sa louange, je veux jouer pour mon Dieu, tant que je vivrai.*
*3 Ne mettez pas votre confiance dans les grands de ce monde. Ils ne sont que des hommes, ils ne peuvent pas sauver.*
*4 Quand ils meurent, ils retournent dans la terre, et ce jour-là, leurs projets meurent avec eux.*
*5 Il est heureux, celui qui s'appuie sur le Dieu de Jacob, qui met sa confiance dans le Seigneur son Dieu !*
*6 C'est le Seigneur qui a fait le ciel et la terre, la mer et tout ce qu'ils contiennent. Il est toujours fidèle à ses promesses.*
*7 Il fait justice aux gens écrasés par la misère, il donne à manger à ceux qui ont faim. Le Seigneur libère les prisonniers,*
*8 le Seigneur ouvre les yeux des aveugles, le Seigneur remet debout ceux qui sont faibles, le Seigneur aime ceux qui lui obéissent.*
*9 Le Seigneur protège les étrangers. Il soutient la veuve et l'orphelin, mais il fait échouer les gens mauvais.*
*10 Le Seigneur est roi pour toujours. Jérusalem, le Seigneur est ton Dieu, de génération en génération. Chantez la louange du Seigneur !*

## ZEFANIA 2.3 ; 3.12-13 (MRV)

2.3 Mitadiava NY TOMPO ianareo mpanetry tena rehetra amin'ny tany, izay efa nanaraka ny fitsipiny! Tadiavo ny fahamarinana, tadiavo ny fanetren-tena! Angamba ho voafina ianareo amin'ny andron'ny fahatezeran'NY TOMPO.
3.12 Nefa hamelako olona mahantra sy madinika ihany ao aminao ary ny anaran'NY TOMPO no hialofany.
3.13 Tsy hanao heloka na handainga intsony ny sisa amin'ny Israely. Tsy hisy lela mamitaka eo am-bavany fa ho afaka mihinana sy mandry izy ka tsy hisy hanaitaitra azy.

## SOPHONIE 2.3 ; 3.12-13 (PDV)

*2.3 Tournez-vous vers le Seigneur, vous, les gens simples du pays, vous qui obéissez à ses commandements. Pratiquez ce qui est juste, faites-vous petits devant Dieu. Alors vous serez peut-être à l'abri le jour où le Seigneur montrera sa colère.*

*3.12 Je laisserai parmi vous uniquement les gens simples et pauvres. Ils trouveront en moi une protection.*
*3.13 Les gens du peuple d'Israël qui seront restés en vie ne feront plus le mal, et ils ne diront plus de mensonges. Ils ne tromperont plus les autres avec leurs paroles. Ils pourront manger et dormir, et personne ne leur fera peur. »*

**1 KORINTIANA 1 : 26 - 31 (MRV)**

26 Mba hevero ny fiantsoana anareo, ry rahalahy, fa tsy firy ny olon-kendry araka ny nofo, tsy firy ny olona mahery, tsy firy ny avo razana;
27 fa ny adala amin'izao tontolo izao no nofidin'Andriamanitra hampahamenatra ny hendry; ary ny malemy amin'izao tontolo izao no nofidin'Andriamanitra hampahamenatra ny mahery;
28 ary ny iva razana amin'izao tontolo izao sy izay fanevateva no nofidin'Andriamanitra, dia ny atao ho tsy misy aza, mba hahafoana ny misy,
29 mba tsy hisy nofo hahazo hirehareha eo anatrehan'Andriamanitra.
30 Fa avy aminy no nahatonga anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, izay natao fahendrena avy amin'Andriamanitra ho antsika, ary koa fahamarinana, fahamasinana ary fanavotana,
31 mba ho araka ny voasoratra hoe: «Izay mirehareha, aoka NY TOMPO no ho reharehany» (Jer 9.23).

**1 CORINTHIENS 1 : 26 - 31 (PDV)**

*26 Frères et sœurs, regardez qui vous êtes, vous qui avez reçu l'appel de Dieu. Parmi vous, il n'y a pas beaucoup de sages du point de vue humain, pas beaucoup de gens puissants, pas beaucoup de gens importants.*
*27 Mais pour couvrir de honte les sages, Dieu a choisi ce qui semble fou dans le monde. Pour couvrir de honte ce qui est fort, Dieu a choisi ce qui est faible dans le monde.*
*28 Pour détruire ce qui est important, Dieu a choisi ce qui est petit dans le monde. Il a choisi ce qu'on méprise, ce qui n'est rien du tout.*
*29 Dieu a fait cela pour que personne ne puisse se vanter devant lui.*
*30 C'est lui qui vous a unis au Christ Jésus, et le Christ est devenu pour nous la sagesse qui vient de Dieu. Par lui, Dieu nous rend justes, il nous choisit pour lui et il nous libère du péché.*
*31Alors, comme les Livres Saints le disent : « Si quelqu'un veut se vanter, qu'il se vante à cause du Seigneur. »*

**MATIO 5 : 1 - 12 (MRV)**

1 Ary Jesosy, nony nahita ny vahoaka, dia niakatra teo an-tendrombohitra; rehefa tafapetraka Izy dia nanatona Azy ny mpianany.
2 Dia nanomboka niteny Izy ka nampianatra azy ireo hoe:
3 Sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ny fanjakan'ny lanitra.
4 Sambatra ny malahelo, fa izy no hampaherezina.
5 Sambatra ny malemy fanahy, fa izy no handova ny tany (Sal 37.11).
6 Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa izy no hovokisana.
7 Sambatra ny mpamindra fo, fa izy no hamindrana fo.
8 Sambatra ny madio am-po, fa izy no hahita an'Andriamanitra.
9 Sambatra ny mpampihavana, fa izy no hatao hoe zanak'Andriamanitra.
10 Sambatra izay enjehina noho ny fahamarinana, fa azy ny fanjakan'ny lanitra.
11 Sambatra ianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny Amiko.
12 Mifalia sy miravoravoa ianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; …

**MATTHIEU 5 : 1 - 12 (PDV)**

*1 Jésus voit les foules qui sont venues. Il monte sur la montagne, il s'assoit et ses disciples viennent auprès de lui.*
*2 Jésus prend la parole et il les enseigne en disant :*
*3 « Ils sont heureux, ceux qui ont un cœur de pauvre, parce que le Royaume des cieux est à eux !*
*4 Ils sont heureux, ceux qui pleurent, parce que Dieu les consolera !*
*5 Ils sont heureux, ceux qui sont doux, parce qu'ils recevront la terre comme un don de Dieu !*

*6 Ils sont heureux, ceux qui ont faim et soif d'obéir à Dieu, parce qu'ils seront satisfaits !*
*7 Ils sont heureux, ceux qui sont bons pour les autres, parce que Dieu sera bon pour eux !*
*8 Ils sont heureux, ceux qui ont le cœur pur, parce qu'ils verront Dieu !*
*9 Ils sont heureux, ceux qui font la paix autour d'eux, parce que Dieu les appellera ses fils.*
*10 Ils sont heureux, ceux qu'on fait souffrir parce qu'ils obéissent à Dieu. Oui, le Royaume des cieux est à eux !*
*11 Vous êtes heureux quand on vous insulte, quand on vous fait souffrir, quand on dit contre vous toutes sortes de mauvaises paroles et de mensonges à cause de moi.*
*12 Soyez dans la joie, soyez heureux, parce que Dieu vous prépare une grande récompense ! … »*